

HYGIENE ET NUTRITION



**Projet Sécurité Alimentaire, Nutrition
et Renforcement de la Résilience**

Ny fahadio- van'ny tanana ♦ ProSAR



Sasao matetika amin'ny rano mikoriana sy savony na lakevo ny tanana.
Manasà tanana indrindra amin'ireto fotoana ireto.

Ny fahadio- van'ny rano ♦ ProSAR




Rano avy amin'ny loharano madio na rano voadio ihany no sotroy.
Mampiasà fitaovana madio sy misarona manomboka amin'ny fatsakana,
mandritra ny fitondrana azy sy ny fitehirizana ary alohan'ny hisotroana azy.

Ny fahadio- van'ny sakafo ♦ ProSAR



Sasao tsara amin'ny rano madio na voadio ny sakafo toy ny
voankazo sy legioma alohany hihinanana azy.
Tahirizo amin'ny toerana azo antoka ny sakafo.
Sakafo masaka tsara sy mafana no hohanina.
Arovana amin'ny lalitra sy vovoka ny sakafo.
Ario avy hatrany ireo sakafo efa simba na masiso.



FANAMBOARANA KABONE



Diovina ary arenina ny
tany raha ilaina



Maka refy 50cm ,ahodina
mba hahazoana faribolana



Faritana tsara @ angady
ny lavaka




Manomboka mandavaka, atao
mijadona ny fangadiana



Raofina ny ranontany rehefa
tsy takatra intsony



Asiana tohatra ny sisiny
mba hivezevena



Iray metatra no savaivo
farafaha-keliny



Hazo matanjaka
no ampiasaina



Kajiana tsara ny
elanelan'ny lavaka



Totafana tany ny gorodona




TSARA RAHA HAZO MATANJAKA NO ANAOVANA NY TRANO
MBA HAMPATEZA KOKOA NY KABONE VITA



TSARA RAHA MAHAFFENO
30 METATRA MIALA NY
VOVON-DRANO NY
KABONE

Gadrao ny tay sy ny loto, aza avela hiparitaka, mampiasa kabone.

Ny sokajy folon'ny sakafo ♦ ProSAR



Mihinana sakafo miovaova sy maro loko isan'andro.
Sokajy dimy amin'ireo folo ireo farafahakeliny isanandro ho an'ny olo-be.
Omeo sakafo miovaova sy maro loko ny zaza.

Vehivavy bevohoka sy mapinono

♦ ProSAR




Mise en œuvre par
giz Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH



Ry vehivavy bevohoka sy mampinono : Mihinana sakafo miovaova
sy maro loko mihoatra noho ny mahazatra anao isan'andro.
Mihinana sakafo be fer ary mapiasà sira misy ioda.
Misotroa rano madio sy ranomboakazo matetika.

Ny 1000 andro voalohan'ny zaza ♦ ProSAR



Bevohoka



Teraka



0 - 6 volana



Manomboka 6 volana




6 volana - 2 taona



Tandrovy fa antoky ny hoavin'ny zaza sy antoky ny fitomboana ara-batana, ara-tsaina sy ara-pahasalamana.

Nonon-dreny ♦ ProSAR



**Ampinonoy avy hatrany ny zaza vao teraka.
Omeo nonon-dreny tsisy fangarony hatramin'ny faha enim-bolany, tohizo ny
fampinonona hatramin'ny faha 2 taonana ny zaza.
Ampinonoy impolo farafahakeliny na atoandro na alina isaky ny mitady ny zaza.
Ampinonoy ny zaza hatramin'ny faha 2 taonany.**

Sakafon'ny zaza ♦ ProSAR



Ampinonoy matetika ny zanakao isaky ny mitady na andro na alina, im-polo farafahakeliny. Omeo sakafo miovaova sy maro loko araka izay misy ny zaza, indroa isan'andro ho an'ny zaza 6 hatramin'ny 8 volana, intelo isan'andro kosa ho an'ny zaza 9 hatramin'ny 24 volana.